# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Oktobra 2018

**24** **Alarobia** oktobra

**Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy ?** Matio 16. 26

**Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin'izao tontolo izao isika, sady hita fa tsy hahatondra na inona na inona hiala.** 1 Timoty 6. 7

**Inona no ananantsika any an-danitra ?**

Lehibe-n orinasa izy taloha, efa misotro ronono izao, ary nahangona harem-be ka tia mampidera izany. Indray andro izy dia nifanena tamina namany fahiny tany amin'ny raharaha miaramila. Nasainy hisakafo io namany io, ary nitanisany ny fananany rehetra. Avy eo an-davarangana aza dia ahatazanana tranom-bakoka iray mitondra ny anarany. Nihaino azy ity namany, sady nijery tsy dia niraika akory izay rehetra nasehon'ilay lehiben'orinasa. Avy eo dia nanondro ny lanitra ilay namana ka nanontany hoe : „Ary ao ambony ao, inona no ananan'ise, ry sakaiza ?"

Izany no ampahatsahivin'ny Baiboly antsika matetika : „Ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny habetsahan'ny zavatra ananany" (Lioka 12. 15). Ny tena zava-dehibe dia ny „manankarena ny amin'Andriamanitra" (and 21). Izany harena izany anefa dia tsy azo, na amin'ny vola na amin'ny asa, fa omen'Andriamanitra maimaimpoana kosa, ho an'ireo rehetra mino an'i Jesosy Kristy Zanany, Izay nirahiny avy tany an-dnitra ho ety` an-tany, mba hamonjy ny mpanota. Na olona mahantra na manankarena ara-bola, dia samy mila io harena io avokoa. „Izay mino ny Zanaka, manana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 36), ary voavela ny fahotany. Tsy misy na inona na inona, na dia ny fahafatesana aza, afaka manakana antsika tsy handray izany harena izany.

*Ry Jesosy, harenanay,*
*Ilay hany tena fahasambaranay,*
*Satria ao amin'ny fahalemenay,*
*Dia miaro anay Ianao, ry Tompo,*
*Dia tsy hain'ilay Fahavalo esorina*
*Tao anatin'ny fonay ny fiadanana,*
*Ary tsy hainy atao na oviana na oviana koa*
*Ny mampisaraka aminay amin'ny fitiavan'ny Ray.*